

TORITENY -ALAHADY faha-31 TSOTRA - TAONA D2019



“Tonga amin’ity trano ity androany ny famonjena, satria zanak’i Abrahama koa ity lehilahy ity, fa ny hitady sy hamony ny very no nahatongavan’ny Zanak’olona”.

Ry Kristianina havana, tamin’ny volana oktobra niarahantsika namakivaky niaraka tamin’i Masina Maria nandinika ny misterin’ny famonjena antsika sy volana manokana ho an’ny misiona, nandalinantsika ny maha vita batemy antsika ka irahina eo anivon’ny mpiara-belona hitory ny

vaovao mahafaly, ho misioneran’ny evanjely hahatonga antsika mpamafy fanantenana sy fiadanana, ho EOV irahina manorina ETA Tranoben’Andriamanitra ho fanitarana ny Fanjakan’Andriamanitra ka zary ho Taranaka Mpanorina tokoa.

Vakiteny I : Fah. 11, 23 — 12, 2

Salamo : Sal. 144

Vakiteny II : 2 Tes. 1, 11 - 2, 2

Evanjely : Lk. 19, 1-10

Izao alahady faha 31 mandavantaona izao no Alahady voalohany amin’ny novambra, volana hibandinantsika manokana ny fiainan-koavy, hivavahantsika ho an’ireo havantsika nialoha lèlana antsika. Mbola mandalina ny finoana amin’ny maha iraka antsika isika satria ny volana fankalazana no tapitra fa isika kosa miditra amin’ny fandalinam-pinoana ho entintsika mamakivaky ity taona ity, taonan’ny misiona, taona maha iraka ka ho entintsika mankalaza ny faha-100 taona AFAFI- FET indrindra ny hankalazantsika ny kongresy eokaristika eto amin’ny diosezintsika, ka amin’izao Alahady faha 31 izao dia feno fanantenana isika satria tahaka an’i Zake isika, kely sy bitika te hahita an’i Jesoa, fohy ka nihazakazaka te hamony an’i Jesoa nefo fantaro fa ny vaovao mahafaly dia i Jesoa no manatona antsika ary izy no mamonjy antsika, izy no mampandroso antsika ao an-tranony ka tahaka ny nolazainy tamin’i Zake hoe « *Tonga amin’ity trano ity androany ny famonjena, satria zanak’i Abrahama koa ity lehilahy ity, fa ny hitady sy hamony ny very no nahatongavan’ny Zanak’olona* » Izany ny vaovao mahafaly amin’izao Alahady

faha 31 mandavantaona izao ka manentana antsika hiroso lalindalina kokoa amin'ny maha Kristianina Kristy mpiara-belona amin'olona ka hitondra fanantenana sy fiadanana eo amin'ny mpiara-belona amintsika hahatonga antsika ho EOV hanorina ETA ho taranaka mpanorina tokoa isika. Feno fanantenana isika maheno ny tenin'i Jesoa tamin'i Zake ka aoka ary handalina izany vaovao mahafaly izany.

Ampianaran'i Jesoa fa tsy ny fisondrotantsika hitady izao rehetra izao no tadiaviny fa isika hidina sy hiditra bebe kokoa amin'ny fitiavany. Hahay hampitraotra ny finoana sy fiainana andavanandro. Hiantrano amintsika i Jesoa raha tena feno fanentretena isika, ny kasain'i Jesoa dia isika hanokatra ny fontsika satria matetika ny mahadiso antsika dia mieritreritra fa araky ny ezaka no hatratrarana ny fanjakan'Andriamanitra, averin'i Jesoa amin'ny fotoana hafa koa fa tery ny varavarana fidirana amin'ny fanjakan'Andriamanitra, marina fa tsy maintsy miezaka isika, tsy maintsy mamolatena isika, nefo tsy entina hireharana na hanandrata-tena fa izy no mampidina antsika, isika no midina ary izy no hiantrano amintsika, ny anjarantsika tahaka ny nataon'i Zake dia ny handray azy, rehefa mandray an'i Jesoa isika dia hitondra famonjena ho antsika izy. Io lay lazain'i Papa tamin'ny tanora teny Soamandrakizay : « raha mihaona amin'i Jesoa isika dia tsy maintsy miova ary mampiova ny hafa ». Izay tokoa no antenaintsika amin'izao kongresy eokaristika izao. Aoka ary hameno ireo sajoa saota isika afahantsika mihaona amin'i Jesoa.

Azo lazaina àry fa mitovy amin'ny fandraisantsika ny komino no nataon'i Zake nandray an'i Jesoa, asa raha tsapantsika izany eo amin'ny fandraisana komino fa mietry tena farany ambany i Jesoa ka mety raisintsika amin'ny tanantsika ka miditra ao amintsika, tsy isika no hitady hiakatra any ambony fa Andriamanitra no midina ampiakatra antsika.

Ahoana àry ny hahafantarantsika fa ato amiko ny finoana, efa ato amintsika tokoa i Jesoa, matetika fanontaniana apetrantsika izany ary anisany fandalinam-pinoana ataontsika amin'izao taona masin'ny misiona izao. Manam-pinoana velona isika raha feno fanentretena, raha mivavaka, raha manana toe-panahy vavaka, raha manompo isika ary velona ny finoantsika raha manana fitiavana hanompo ny namana isika, raha mandray an-tanana ny Eglisy tokoa dia maneho finoana velona tahaka izany koa raha vonona miaro sy mikolokolo tontolo iainana. Androany koa dia toe-panahy iray asongadin'ny evanjely dia ny toetran'i Zake, rehefa nibebaka izy dia nahafoy ny fananany, izany no hahafantarana fa mibebaka tokoa isika dia ny fahafoizana. Betsaka ny milaza fa adala isika raha miaina tahaka an'i Zake mizara fananana fa mananatra antsika i Jesoa rehefa mahafoy isika ka milaza fa efa tonga amin'ity trano ity androany ny famonjena. Mampatsiaro ny tantarampiainan'i Ramose Lucien Botovasoa ny tantaran'i Zake.

Izany no vaovao mahafaly sy ny fanantenantsika ary io no torintsika amin'ny fiainantsika ka mahatonga antsika ho misionera. Vokatry ny fahafoizana no maha misionera antsika, tsy misy ny maha misionera raha tsy misy fahafoizana ao amintsika tahaka an'i Zake nahafoy ny fananany. I Jesoa koa nahafoy ny maha Andriamanitra azy mba hamony antsika. Tsy maintsy mifamonjy sy mifanasoa isika ka ny fahafoizana no hahafahantsika manantontosa izany, mahafoy fotoana, mahafoy talenta ananantsika hanampiana ny hafa, mahafoy fitiavana amin'ny fandraisana antanana. Izany tokoa ry Kristianina havana ny finoana velona mahatonga antsika ho misionera ho EOV ary izany no vaovao mahafaly sy ny fanantenantsika, izay no torintsika amin'ny fiainantsika vokatry ny fahafoizana tahaka ny nataon'i Zake, tahaka nataon'i Jesoa nahafoy ny maha Andriamanitra azy mba hamony atsika. Tsy maintsy mifamonjy àry isika, tsy maintsy mifanasoa isika izay ny vokatry ny finoana velona iainantsika. Izay no mahatonga an'i Md Paoly ao amin'ny vakiteny faharoa taratasy ho an'ny Tesalonisiana midera sy manome voninahitra an'Andriamanitra satria ny Tesalonisiana dia nandray an'i Jesoa.

Isaorako antsika mianakavy sy anentanako antsika amin'ny taona masin'ny misiona izao, rehefa

tonga any amintsika ny karatra hanehoana fa tena katolika isika, vita batemy isika ka hirahina, mandray an-tànana, ka raha manao ny hasim-pinoana, raha mikolokolo ny tontolo iainana. Ny finoana no loharano sy fototra amin'ny maha misionera antsika, miampy indray ny toe-panahy hiainantsika ny fiaianana ny finoana velona dia ny fahafoizana, tanterahintsika izany satria amin'ity volana novambra fetin'i Kristy mpanjaka no andron'ny hasim-pinoana ka manomboka ny fanatanterahana sy fikarakarana ny tontolo iainana ka hanomboka ny fambolen-kazo eny amin'ny toerana hahafahantsika manatanteraka an'izany. Miaro ny tontolo iainantsika isika manatanteraka izany.

Ry Jesoa Tompo ô, niantrano aminay ianao tahaka ny niantranoanao tamin'i Zake ka nahatonga azy nihavao tanteraka ary nanana ny fahafoizana, ny faharetana, ny fanentretena ary ny fahasahiana hiroso amin'ny lalindalina tokoa, ampio àry izahay amin'izao taona masin'ny misiona izao, hanana ny fanentretena ananan'i Zake ka ho vonona izahay mba hampiantrano anao hahafahanay mikarakara sy mikolokolo ireo manodidina anay. Enga anie ry Jesoa Tompo ô hanana fanentretena sy fitiavam-bavaka izahay, hanana fahafoizana ary dia vonona hanompo ny namana amin'ny alalan'ny asa fanasoavana isankarazany tahaka an'i Masina Maria Reninay ; Mivavaka manokana izahay ho an'ireo nialoha lèlana anay, ny famindramponao anie hialoha lèlana azy ireo ka ho tonga ao amin'ny fiadananao mandrakizay izy ireo, arotsahy aminao mandrakariva ny tsodranonao ka hahatonga anay ho tena taranaka mpanorina tokoa. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson